Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Desambra 2020

1 Talata desambra

Ary tsarovy ny Mpanao anao amin'ny andro fahatanoranao, dieny tsy mbola tonga ny andro mahory, ary tsy mbola mihatra ny taona izay hanaovanao hoe : Tsy sitrako izao. Mpitoriteny 12. 1

Na dia mandra-pahantitrareo aza, dia tsy miova Aho, ary mandra-pahafotsy volonareo, dia Izaho ihany no hisahirana mitondra anareo. Isaia 46. 4

Miaina ny fahanterana, miaraka amin'Andriamanitra

Iray amin'ny fijaliana lehibe ho an'ny zokiolona maro ny fiheverany fa tsy ilaina izy : „Maniry mafy aho mba hisy ilàna ahy ! Saingy efa tsy mahavita na inona na inona intsony aho ! Vesatra ho an'ny zanako aho sisa. Tsy fantatro ny antony mbola amelan'ny Tompo ahy eto an-tany…"

Ny fahanterana dia vanimpotoana anesoran-javatra amintsika, fotoana misy ireo andro ratsiny lazain'ny Baiboly… Mihena ny zavatra vitantsika, tsy maintsy miaiky isika fa voafetra sy miha voafetra kokoa hatrany ; miaiky fa very ny fahazakantsika tena ; miaiky ireo fahasahiranana ara-batana, izay matetika no vesarana fihenan'ireo fahaizana ampiasain'ny saina, toy ny fitadidiana na ny fahafahana mieritreritra.

Nanoratra i Saint Augustin hoe : „Raha te hiaina am-pahatoniana ny fahanterana isika, dia tsy maintsy manana ny fifaliana omen'ny finoana kristiana". Mpino maro no efa niaina izany, izay vokatra fifandraisana marina fantatra sy iarahamiaina amin'Andriamanitra, Ilay loharano velona mitondra ny fampiononana rehetra. Andriamanitra irery ihany no manatanjaka ny fanahy, mampahatanjaka ny reraka, ary manome hery be izay kely hery (Isaia 40. 29), sady mitarika hibanjina Ilay namonjy antsika, hany ka „na dia mihalevona aza ny toetra*(ntsika)* ivelany, dia havaozina isanandro isanandro kosa ny toetra*(ntsika)* anatiny" (2 Korintiana 4. 16).

Ny fiainantsika dia eo am-pelatanan'Ilay Andriamanitra Mpahary sy Mpamonjy, Izay hany manana ny fahefana sy ny fahendrena hamela antsika eto an-tany na haka antsika ho any aminy, na firy taona isika na firy taona ! Raha mbola te hitahiry antsika ho velona Izy, dia manome toky antsika fa tsy miovaova : „Ampy ho anao ny fahasoavako ; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena" (2 Korintiana 12. 9).